



NY ANJARA TOERAN'NY VAVAKA AO ANATIN'NY LITORJIANTSIKA FPMA

(LA PLACE DE LA PRIÈRE DANS LA LITURGIE DE LA FPMA)

Fampianaram-pinoana SAP/KNPL

Izany indray no lohateny lehibe iompanan'ny Fandalinam-pinoana harahintsika ato amin'ny SAP/KNPL mandritra ny iray volana. Vao avy nandalina momba ny Vavaka isika ary naka ohatra tamin'ny Vavaka nataon'ny mpanompon'Andriamanitra voalaza ao amin'ny Baiboly. Miainga avy amin'ny Vavaka nataon'ireny mpanompon'Andriamanitra ireny no nakana ohatra ka nandrafetan'ny Fiangonana hatramin'ny voalohany ny Litorjia.

Marihiko eto am-panombohana ho fampahatsiarovana, na mety ho fampahalalana ho an'izay mbola tsy mahalala, fa **ny Litorjia dia fandaminana ny fizotry ny fanompoam-pivavahana manontolo hatao ao am-piangonana ka tafiditra ao anatin'ny Rafitry ny Fiangonana (Institution), ary manjary endrika hahalalana ilay Fiangonana izany. Anankiray maha-izy azy ny Fiangonana ara-drafitra (identité structurelle) ny fananany litorjia voarafitra, fa tsy vitan'ny «torapo» na mandeha araka izay heverina ho «faneren'ny fanahy» fotsiny ny fizotry ny fanompoam-pivavahana ataony.** Mila finiavana amin'ny tsirairay, indrindra izay mitarika Fanompoam-pivavahana ato amin'ny FPMA, mba hanaja sy hanaraka ny Litorjia izay isan'ny RAFITRA (Structure) maha-Fiangonana ny Fiangonana. Ho antsika Fiangonana manaraka ny Rafitra Presbyteriana Synodaly dia **ny Synoda Lehibe izay fahefana fara-tampony ao amin'ny Fiangonana no manapaka ny Litorjian'ny Fiangonana**, ankatoavina avy amin'ny fikarohana sy fandrafetana (rédaction) nataon'ny Teôlôjiana ao amin'ny Fiangonana. Ho an'ny Fiangonana manaraka ny Rafitra Episkopaly dia tompon'andraikitra tendren'ny Eveka no mandrafitra ny Litorjia ary tsy iadian-kevitra fa tsy maintsy arahin'ny rehetra. Isaky ny miditra ao anaty Fiangonana iray, noho ny Litorjia arahiny, dia fantatra avy hatrany ny fironan'io Fiangonana io ara-pinoana. Mandrakariva dia takiana mba **hekena sy tsy maintsy narahin'ireo rehetra mitarika ao amin'ilay Fiangonana ny Litorjian'izany Fiangonana izany ka tsy azo ovaovana ny firafetany (structure),** fa ny teny sasany ihany no azon'ny mpitarika amboarina araka ny mahamety sy manavanana azy.

Hita ao amin'ny **Efesiana 5, 19** sy ny **Kolosiana 3, 16**, andalan-tSoratra Masina ahitana Drafitra Litorjia teo amin'ny Fiangonana voalohany, ny teny hoe «FANOMPOAM-PANAHY». Ilay teôlôjiana malagasy, Jonson RAKOTONIRAINY, dia nanao famahavahana io teny io, ka

nambarany fa misy zavatra telo notahafina avy tamin'i Kristy (christique) ao anatin'ny fanompoam-panahy. Hoy ny nampianariny sy navelany ho soratra momba izany, dia ireto avy :

- FIJOROANA HO VAVOLOMBELONA (*Marturia*). Ny Filazantsara torina sy hijoroana ho vavolombelona dia mifono hafatra telo mazava tsara : 1) Efa tonga ny Zanak'olona ; 2) Minoa ny Filazantsara ; 3) miambena sy miareta, efa mby akaiky ny fiavian'ny Tompo indray.

- FANOMPOAM-PIDERANA (*Leitourgia*). Ny Fiangonana na *Eklesia* dia VAHOAKA NANTSOINA HIVORY no dikany. Izay ataony rehefa mivory dia hanao «fanompoam-panjakana», fa izany no hevitra ny leitourgia. Ny fandehanana hiangona àry dia efa mariky ny fanekena an'Andriamanitra ho Mpanjaka sy fanehoana ho vahoakany. Izay tsy Azy dia tsy tonga mamaly ny antsony. Ny fanompoam-piderana an'Andriamanitra lavorary no hahatonga izao tontolo izao ho resy lahatra sy hanaiky ny Tompontsika. Saika lavorary kokoa izany amin'ny Katolika noho ny amintsika Protestanta. Toa tsy tsapa fa Mpanjaka no antsika fa toa fanjakan'i Baroa na repoblika tsy tsara lamina loatra aza.

- FIFANOMPOAN'NY FIANGONANA (*Diakonia*). Ny zava-dehibe resahina eto dia ny FIANTRANA. Ny teny hoe fiantrana (gr. *éléemosuné*) dia milaza famindrampo, fo onena sy miombona alahelo. Tsy ilay zavatra atao no lehibe voalohany amin'izany, fa ny toetr'ilay antra namana kosa. Ny hebreo dia mampiasa ny teny hoe *Tsedakhà* izay mifanila hevitra sy saika mitovy dika mba hilazana ny fiantrana ny hoe FAHAMARINANA. Ao amin'ny Matio 6, 1, Jesoa dia milaza ny «asan'ny fahamarinana» : fiantrana, vavaka, fifadian-kanina. Ambaran'i Jesoa fa tsy tokony hisehosehoana toy ny fanaon'izao tontolo izao sy ny mpihatsaravelatsihy izany, satria tsy ny olona no tena hanaovana izany fa Andriamanitra, na dia ny olona tokoa aza no iharany. Izany no manamarina izay lazain'ny Tompo hoe : «Izay nataonareo tamin'ireny madinika mino Ahy ireny no nataonareo tamiko koa.» Matio 25, 40.¹

Ny anjara toeran'ny Vavaka no foto-kevitra halalinintsika. Ao anatin'ny Litorjantsika FPMA dia misy Vavaka 5 ao anaty Rafitra, (ankoatra ny vavaka torapo). Ireto avy izany :

- ✦ Vavaka fanatonana (Prière d'évocation)
- ✦ Vavaka fifonana (Prière de repentance)
- ✦ Vavaka Fangataham-pahazavana (Prière d'illumination)
- ✦ Vavaka Fisaorana sy Fangatahana (Prière d'intercession)
- ✦ Ny Hataky ny Tompo (Oraison Dominicale).

Ireo Vavaka ireo no asesintsika hohalalinina mitohy ao amin'ny Fandaharana ny Fandalinam-pinoana isan-kerinandro hataontsika manomboka anio.

1. VAVAKA FANATONANA

Tsy sarahina amin'ny Fanatonana sy Fankalazana an'Andriamanitra ao anatin'ny Litorjia akory izany, fa ny hohalalinintsika eto anio dia **ny vavaka voalohany atao eo amin'ny**

¹ RAKOTONIRAINY, Jonson, «Mandehana amin'ny fiainam-baovao eo amin'ny Fiangonana», *Toriteny sy Fampianarana*, Lah. 14/Febroary 1974, Antananarivo, Imprimerie Spéciale Avaratr'Antanimora, 1974, tak. 9-12.

fanombohan'ny fanompoam-pivavahana. Ny dikanteny amin'ny teny malagasy noraisintsika ato amin'ny FPMA moa dia ny hoe « **Vavaka Fanatonana** » mba hilazana ny « **Prière d'invocation** » na « **Prière d'évocation** ». Tsy mitovy ny foto-kevitra fa misy fampianarana samy hafa miainga avy amin'ny foto-pinoana isaky ny Fiangonana kristiana momba izany Vavaka Fanatonana an'Andriamanitra. Izany koa no antony mahatonga ny tsy mampitovy ny filazana azy amin'ny teny frantsay (invocation/évocation/Louange). Ny iombonan'ny kristiana rehetra kosa dia izao : **Mialoha ny hanatonantsika an'Andriamanitra dia efa manatona antsika mandrakariva na eo afovoantsika Izy.** Ny Jentilisa no « miantso » na « manaitra hifoha » (mbola mety ho variana na matory ka tsy eo) ny andriamaniny, fa amintsika kristiana kosa, ny Andriamanitsika dia eo afovoantsika mivory, na eo alohantsika mandrakariva, araka ny *Salamo 89. 8, 11, 14* : « **Jehovah, Andriamanitry ny maro, ô, iza no mahery tahaka Anao Jehovah ? Ary manodidina Anao ny fahamarinanao... Anao ny lanitra. Anao koa ny tany. Izao tontolo izao sy izay rehetra eo aminy. Ianao no nanorina azy... Rariny sy fitsarana no fanorenan'ny seza fiandriananao ; famindrampo sy fahamarinana no mialoha ny tavanao » ; sy araka ny toky nomen'ny Tompo ao amin'ny *Matio 18, 20*, hoe : « **Fa na aiza na aiza no iangonan'ny roa na telo amin'ny anarako, dia ao afovoany Aho** ».**

Raha nifanandrina tamin'ny mpaminanin'i Bala Elia mpaminany dia sady fihaihana (défi) kanefa somary fanesoana (ironie) no nitenenany tamin'izy ireo, hoe : « **Miantsoa ny anaran'ny Andriamanitrareo ianareo, ary izaho kosa hiantso ny anaran'i Jehovah ; koa izay Andriamanitra mamaly dia aoka Izy no Andriamanitra** » *1 Mpanjaka 18, 24*. Tsy mitovy hevitra ny hoe miantso ny andriamanitra (voasoritra), sy ny « miantso ny anaran'ny Tompo » izay midika hoe « manome voninahitra ny Tompo », na koa « manaiiky ny Tompo ». Ny fihaihana (défi) nataon'i Elia tamin'ireo mpaminanin'i Bala dia toy ny hoe : « omeo voninahitra ny andriamanitrareo ka ho hita eo raha ny fankasitrahany izany raha misy izy » **Tsy miantso an'Andriamanitra isika kristiana, satria mino isika fa efa eo afovoantsika Izy, fa manatona Azy sy mihaona Aminy isika, ary manome voninahitra Azy**, araka ny *Salamo 105, 1-2*, hoe : « **Miderà ny Tompo, miantsoa ny anarany ; ataovy fantatra any amin'ny firenena ny asany. Mihirà ho Azy, mankalazà Azy ; Saintsaino ny fahagagana rehetra ataony** ». Ny « **Prière d'invocation** » dia midika ho fanomezam-boninahitra an'Andriamanitra, ka tsy Andriamanitra no antsoina (toy ny hoe tsy eo Izy), fa isika kosa no ampahatsiarovina fa eo Izy ka tokony ho vonona isika hihaona Aminy.

Fa andeha hojerentsika aloha ny endrika samihafa momba ny Vavaka fanatonana.

1.1. **ENDRIKY NY VAVAKA FANATONANA**

☛ **Ny Fiangonana kristiana sasany dia mampianatra sy mampahatsiaro fa tsy manana fahamendrehana isika olombelona hanatona an'Andriamanitra, noho ny fahotantsika.** Miainga avy amin'ny traikefa notahafina tamin'ny mpanompon'Andriamanitra sasany voalazan'ny baiboly izany: *Salamo 1, 5 ; Isaia 6, 5 ; Lioka 5, 8*. Noho izany, **ny vavaka voalohany atao ao anatin'ny Litorjia dia Vavaka fifonana sy fangatahana famelan-keloka avy amin'Andriamanitra.** Mitalaho ny famindrampom'Andriamanitra amin'izany ka antsoina amin'izany hoe « **Prière d'invocation** », nefa koa ny fahatsiarovantenantsika arahin'ny fanetrentenantsika eo anatrehan'Andriamanitra dia mampahatsiaro ny fitiavana sy ny famindrampom'Andriamanitra. Izay no « **Prière d'évocation** ». Hitantsika eo amin'ny Fiangonana Anglikana (tahaka ny hita koa any amin'ny Fiangonana Katolika Romana) sy ny

Fiangonana Loterana io. Na dia ny vavaka ambara amin'izany aza dia tsy azon'ny Mpitarika hatao torapo, izany hoe tsy mamorona izy, fa tsy maintsy vakina araka ny nanolorana azy ho an'ny Fiangonana.

☛ **Ny Fiangonana kristiana sasany dia mampianatra indray fa fampahatsiarovana ny vahoakan'Andriamanitra ny fanatrehan'Andriamanitra azy ireo** no omen-danja, koa **fisaorana sy fiderana an'Andriamanitra** no hatao ao amin'ny Vavaka fanatonana. Ny fisaorana ny fanatrehan'Andriamanitra ary fiderana Azy. Saika matetika dia antsoina hoe « **Vavaka fiderana** » io vavaka io, na koa hoe « **Vavaka fihaonana** ». Ny ankamaroan'ny Fiangonana Réformés izay manana Litorjia voarafitra (fa tsy malalaka araka ny fahita matetika amin'ny ankamaroan'ny Évangéliques) dia manao izany. Misy ny vavaka voasoratra atolotra ho tahafina (modèle) avy amin'ny Vaomiera miandraikitra ny Litorjia, fa malalaka kosa ny mpitarika amin'ny famoronana Vavaka fiderana na Vavaka Fihaonana, saingy tsy tokony hifangaro mihitsy amin'ny Vavaka hafa hatao ao anatin'ny Litorjia izany vavaka izany.

1.2. VOTOATIN'NY VAVAKA FANATONANA (Contenu)

Isika FPMA dia Fiangonana Miray (sady Loterana isika no Réformé), koa ny Litorjiantika dia mampivondrona ny foto-kevitra amin'ny Loterana sy Réformé. Raha eo amin'ny Vavaka Fihaonana dia mirona kokoa amin'ny endrika faharoa amin'ny voalaza etsy aloha isika

→ Satria fampahatsiarovana antsika ny fanatrehan'Andriamanitra ny vavaka fanatonana, na tsy lazaina ao anatin'ny vavaka akory aza, dia taomina isika hifantoka Aminy, midika hoe manoro antsika izany fa tokony avela avokoa ny zavatra hafa rehetra mety hisakana antsika tsy hihaona Aminy, tsy handre ny teniny, tsy hanome voninahitra Azy. Tsy tokony hisy zava-maneno (na malefaka aza) mandritra ny vavaka.

→ Satria mihaona amin'Andriamanitra isika, miresaka mivantana Aminy, dia ampahatsiarovina eo anatrehan'Andriamanitra ny anton'ny fihaonana Aminy.

→ Mbola hisy Vavaka fifonana ao anatin'ny Litorjia, koa tsy tokony hisy fangatahana famelan-keloka na fifonana ao anatin'ny vavaka fihaonana.

→ Tohin'ny Fanatonana sy Fankalazana atao eo aloha (famakiana Salamo sy Hira fiderana) ny Vavaka fihaonana, koa fanamafisana ny fiderana an'Andriamanitra ihany koa no tokony ho voarakitra ao. Raha vavaka foronin'ny Mpitarika ny Vavaka fihaonana, ny Salamo eo alohany dia mety ho ny Mpitarika ihany no mamaky izany, ka azo atao koa ny mandrafitra vavaka fihaonana ifamaliana, izany hoe ampahany ataon'ny Mpitarika manokana ary valiny ataon'ny Rehetra.

1.3. FAMPIHARANA (PRATIQUE) NY VAVAKA FANATONANA

► Ara-bakiteny, ny dikan'ny hoe « Litorjia » dia « **asam-bahoaka** », **asa ataon'ny vahoakan'Andriamanitra ho fanompoana an'Andriamanitra**. Manome fanazavana sahady aho amin'izany momba ny voambolana ampiasaintika : « **fotoam-pivavahana** » **sa « fanompoam-pivavahana »** ? Mahazatra koa ny miteny hoe « Programme » rehefa milaza ny fandrafetana ny Litorjia (« Fandaharana », hoy ny teny malagasy).

Momba ilay fanontaniana voalohany, raha araka ny hevitra ny Litorjia izay vao nohazavaiko teo, dia « Fanompoam-pivavahana » no izy fa tsy « fotoam-pivavahana ». Ny « fotoam-pivavahana » dia midika hoe fotoana natokana mba hivavahana : ny andro Alahady io

amin'ny ankamaroany amintsika Kristiana, na fotoana hafa hifanarahana mba hiaraha-mivavaka.

Momba ilay fanamarihana faharoa : ny Fandaharana dia **tsy tokony hoe « programme » fa « filaharana » na « fandaharana » ny fizotry ny fanompoam-pivavahana (« ordre du culte »)**. Eo amin'ny Litorjia « fanompoam-bahoaka », dia misy ny Mpitarika (« Liturge ») sy ny tarihina. **Tandrovana mafy ny mba tsy hisy hanelingelina ny fanatrehana an'Andriamanitra mandritra ny fanompoam-pivavahana, ka izany no tsy mampety ny fivezivezen'ny olona mitarika eo amin'ny fanombohana.** Marina fa mahasoa ny fandraisan'ny olona maro anjara, kanefa tsy tokony ho amin'ny tapany aloha eo amin'ny Litorjia no hanaovana izany fa amin'ny tapany faharoa. **Olona iray ihany no mitarika eo am-panombohana sy mandritra ny tapany voalohany, ka izy io ihany no manao ny Vavaka fanombohana.** Misy fifampizarana ny fandraisana anjara ao anatin'ny Litorjia. Efa ao anatin'ny « valinteny » (respons) ataon'ny vahoakan'Andriamanitra sy ny fanomezana anjara ny hafa amin'ny Famakiana ny Tenin'Andriamanitra, ny Vavaka sasany voarakitra ao anatin'ny Litorjia izany.

► Ny vavaka fanatonana dia tsy tokony ho lava. Tsy ampifangaroana amin'ny Vavaka fifonana na ny Vavaka Fangataham-pahazavana na ny Vavaka fisaorana sy Fangatahana izany.

Ny Fandaharana ny Fanompoam-pivavahana dia misy karazany roa :

⇒ Ny fotoana lavalava izay fanaontsika araka ny mahazatra amin'ny Alahady maraina. Misy filaharany voarafitra tsara fa ny mety hiova fotsiny dia ny fisian'ny Fandraisana ny Fanasan'ny Tompo na ny tsy fisiany.

⇒ ny fotoana fohifohy (tsy misy Vavaka fifonana manokana, Sitapon'Andriamanitra sy Fanambarana Famelan-keloka...) fa manomboka amin'ny fanatonana dia avy hatrany mitohy amin'ny Soratra Masina (tapany faharoa). Fivorian'ny Sampana, na Fotoana hiaraha-mandinika Soatra Masina, na Fotoam-pivoriana handinihan-draharaha, nna Fanompoam-pivavahana ankobanandro mbamin'ny fotoana hafa ivelan'ny Fotoana efa fanao isan'Alahady no hanaovana io fandaharana fohifohy io. Nampiharina izany, ohatra, tamin'ny Fanompoam-pivavahana famaranana ny Synoda Lehibe lasa teo.

Amin'ity fomba fandaharana faharoa ity dia malalaka ny Mpitarika mampiditra ao anatin'ny Vavaka Fanatonana fangatahana famelan-keloka toy ny fanao amin'ny Vavaka fifonana. Fa tsy izany akory no tokony hibahana be dia be. Raha mbola misy Vavaka Fisaorana sy Fangatahana (Prière d'intercession) voalahatra ao anatin'ny Fandaharana dia tsy tokony hisy fangatahana mibahana koa ao anatin'ny vavaka fanatonana, afa-tsy ny hoe ho an'ireo olona eny an-dalana hanatrika ny fotoana, na ireo nikasa ny ho tonga fa tsy afaka noho ny sampona (fa tsy tanisaina lavabe ao ny antony).

► **Misy heviny ara-poto-pinoana avokoa àry ny fandaharana rehetra atao ao amin'ny Litorjia.** Tsy hoe mila fisakanana akory ny fihetsika sy fihetsehampon'ny olona eo am-pankalazana an'Andriamanitra, fa **anjarantsika kosa ny mamefy izany fihetsika sy fihetsehampo izany tsy hihoatra ny mety ka hanjary hampivaona ny fo amam-panahin'ny olona tsy hibanjina intsony ny voninahitr'Andriamanitra fa hitodika amin'ny fomban'olombelona sy ny fanomezan-danja ny filàny.** Ohatra amin'izany, tokony hotezaina ny olona tsy haneho fisentoana mafy (soupon) ao anatin'ny vavaka, na hanonona teny hafa eny antsefatsefaky ny vavaka (toy ny hoe«Jesosy ô», mbamin'ny «Amena» isaky ny andalan-teny). Na dia vonona hihaona amin'Andriamanitra sy hivavaka aza ny olona amin'ny fahatongavany ao am-piangonana, dia adidy sy fahendrena ho antsika kosa ny tsy manaraotra, fa hikendry sy hanaja ny fetra fahafaha-mihaino ananany sy ny faharetany.

FEHINY

Misy lanjany lehibe ny Vavaka fanatonana eo amin'ny Litorjia FPMA. Tsy tokony atao alasafay na oviana na oviana izany, kanefa koa tsy hanamparana ny fihetsehampo. Tsarovy fa tompon'andraikitra eo anatrehan'Andriamanitra isika, ka ny tandrevaka kely hataontsika dia mety hanimba ny fahavononan'ny vahoakan'Andriamanitra handray aimpanahy.

Brétigny sur Orge, 12 novambra 2014

© Rev. Dr Jean A. RAVALITERA